


Amin'ny Finoana sy Fanantenana ny fitsanganan ny tena amin'ny maty no ampandrenesanay anareo fa ny havana malalanay:

**Dr RABARY RAMALALANIRINA Mathilde**

Solombavambahoakan'i Madagasikara teo aloha
Filohan' ny Fikambanana SOS aux victimes du Non-Droit

Dia nantsoin'ny Ray hody any aminy ny Alatsinainy 30 Oktobra 2017 rehefa nivahiny 73 taona teto an-tany.

**Hoy :**
**Ny Vadiny :** RAKOTOSON RABESATA Arima

**Ny Zanany :**
RABISAONA Andriatiana Gilles sy RABARY RANDRIANARY Hanitra Chrisitane Danièle
RABARY Andriniaina Paul sy RABEMANANJARA Riana
RARIVOSON Franck Lalao sy RABARY Fidy Andrée Sandrine
DULIN Patrick Race sy RABARY Andriamihaja Fanja Mireille
RABARY Herinjaka Eric Hans sy RAHARIMANANA Felahasina Hanitrarivony

**Ny zafiny :** Tommy, Mihaja, Mahary, Mahaliana, David, Nathan

**Ny iray tampo aminy :**
RANDRIANARY LALATIANA Henriette
RAZAFITRIMO RANDRIANARY Liliane sy ny zanaka aman-jafiny

**Ny taizany :**
RAZAFITRIMO Anatole sy Linah sy ny zanany
RAZAFITRIMO Bruno sy ny zanany

**Ny havany :**
Ny terak'Itompokolahy RADAODY sy RAZAFIMALALA
Ny teraky Dr RALAROSY
Ny terak'Itompokolahy RABARY Edouard
Ny teraky Dokotera RAFARALAHIMANJATO
Ny terak'Itompokolahy ANDRIAMIHAINGO RAINIFANAKA

**Ny Fianakaviana manontolo**
**Ny Mpitandrina sy ny Fiangonana Paroisse Internationale Andohalo ; RASALAMA Maritiora Ambohipotsy; FJKM Vangaina**
**Ny Fokontany Nanisana –Iadiambola; Ampandrana Andrefana, Faravohitra Avaratra**

Ny nofony dia hiala ao an-tranony Lot II H 3 Nanisana Iadiambola ny Zoma 3 Novambra 2017 amin'ny 12 ora sy sasany atoandro, ary entina hanomezam-boninahitra an Andriamanitra ao amin'ny Fiangonana Paroisse Internationale Andohalo alohan' ny hametrahana azy ao amin ny fasan-drazany ao Nambiaty Lazaina Faravohitra Avaratra (PK 13.5).

*"Ampy ho anao ny fahasoavako: Fa ny heriko dia tanterahina amin ny fahalemena" II Kor 12:9*

## Nodimandry ny Depiote Dr Rabary Mathilde



Mateti - piavy toa sotrokely eo fiainam - pirenena ny fahoriana. Nodimandry, omaly, koa ny Depioten' ny antoko Asa vita no ifampitsarana (Avi), ny Dr Rabary Mathilde. Solombavambahoaka fantatry ny rehetra tamin' ny tolona niadiana ny zon' olombelona izy. Anisan' ny nahafantaran' ny maro azy ny nitarihany ny fikambanana « *Sos Victimes de non droits* » na ireo mpiaro ny olona iharan' ny tsy fanarahan - dalàna teto amintsika tamin' ny taona 1999.

Fikambanana iray najorony amin' izay fimasoana ny zon' olombelona izay koa ny « *Fiakara* » tamin' ny taona 2008, izay izy no filoham - boninahitra ho fiarovana ireo zaza kambana arian' ny fianakaviana amin' ny faritra iray eto amintsika. Vokatr' ireo ezaka mafy nataony, nomen' ny Unfpa lokan' ny faha - vitriham - behivavy taona 2008 izy.

Ankoatra ny naha dokotera azy, mpahay lalàna fantatry ny rehetra rahateo izy, ka nahafahany sy nahasahiany niatrika ireny tsy fanarahan - dalàna sy fanitsa - kitsahana zon' olombelona sy ny mahaolona ireny.

Tsy azo hadinoina amin' ireo zava - bitany ny nananganany ny toeram - pitsaboana sy fandraisam - pitarainana « *Mifohaza* » teny Ampandrana teny. Noraisiny tao avokoa ireo vehivavy tratry ny fanolanana na ireo olona iharan' ny herisetra ataon' ny mpitandfro filaminana. Nijoro ho mpisolovava niaro azy ireny ny tenany ary niara - niasa mavitrika tamina tanora nianatra sy nandalina lalàna izy tamin' izany.

Noho izay tolona nataony izay, nahilikiliky ny Fitondrana ny tenany ary sahy nitory tany amin' ny sehatra iraisampirenena ny tsy fanarahan - dalàna nataon' ireo Governemanta nisy teto. Nampianatra lalàna tany amin' ny sekoly fanofanana mpitsabo mpanampy rahateo izy. Ho fantatra amin' ny fotoana manaraka ny fandaharam - potoana. Eto izahay dia mirary fiononana sahady ho an' ny fianakaviany sy ny Minisitry ny Fanabeazam - pirenena, Rabary Andrianiaina Paul, izay nametraka fa betsaka ny hasina mahaolona notandrovin' ny reniny.

**R. S.**

INONA NO VAOVAO
Talata 31 Oktobra 2017

✝

Son époux : RABESATARAKOTOSON Louis Arima
Ses enfants
RABISAONA Andriatiana Gilles et RABARY RANDRIANARY Hanitra Christiane Danièle
RABARY Andriniaina Paul et RABEMANANJARA Riana
RARIVOSON Franck Lalao et RABARY Fidy Andrée Sandrine
DULIN Patrick Race et RABARY Andriamihaja Fanja Mireille
RABARY Herinjaka Eric Hans et RAHARIMANANA Felahasina Hanitrarivony

Ses petits-enfants : Tommy, Mihaja, Mahary, Mahaliana, David, Nathan

Ses sœurs
RANDRIANARY LALATIANA Henriette
RAZAFITRIMO RANDRIANARY Liliane.

Ses neveux
RAZAFITRIMO Anatole, Linah et leur fille
RAZAFITRIMO Bruno et ses enfants

Sa famille
Famille feux RADAODY et RAZAFIMALALA
Famille feu Dr RALAROSY
Famille feu RABARY Edouard
Famille feu Dr RAFARALAHIMANJATO
Famille feu ANDRIAMIHAINGO RAINIFANAKA
Famille feux RANDRIANOMANANA et RASOAMANANDRAY

La Paroisse internationale Andohalo, la FJKM Rasalama Maritiora Ambohipotsy, la FJKM Vangaina
Les fokontany Nanisana-Iadiambola, Ampandrana Andrefana, Faravohitra Avaratra

Ont la douleur de vous faire part du décès de leur regrettée

**Dr RABARY RAMALALANIRINA Mathilde**
**Députée de Madagascar**
**Présidente fondatrice de l'Association SOS aux victimes du Non-Droit**

Survenu le 30 octobre 2017, à l'âge de 73 ans.

La levée du corps se fera le vendredi 3 novembre 2017 en son domicile, Lot II H 3 Nanisana Iadiambola, à 12 h 30, suivie d'une messe à la Paroisse internationale Andohalo.
L'inhumation se fera au caveau familial Nambiaty Lazaina Faravohitra Avaratra (PK 13.5).

*"Ma grâce te suffit, car ma puissance s'accomplit dans la faiblesse", 2 Cor 12:9*



[illegible]



FILAZANA MANJO

PRESIDENCE DE LA REPUBLIQUE
DE MADAGASCAR
GRANDE CHANCELLERIE

Am-pahatokisana ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty no hampandrenesana anareo fa :

**Ny Andriana RALITERA Etienne**

***Grand Chancelier de Madagascar***
***Lehiben'ny Taranaka Andriana Miray eto Madagasikara (TAMIMA)***
***Administrateur civil honoraire***
***Grand Croix de 1ère Classe de l'Ordre National Malagasy***
***Chevalier de l'ordre national de mérite français***
***Ordre national de mérite sportif malagasy***

Dia niamboho ny 30 oktobra 2017 rehefa nampindramin'Andriamanitra 79 taona tamintsika, hoy ny :

***Vadiny :*** RAKOTOMALALA Violette Felicie
***Zanany :*** RALITERA Alain (France)
RALITERA Jacques sy Daisy
RALITERA Narivony sy Dominique (France)
RALITERA Ndriana sy Fanja
RALITERA Val sy Ursulla (France)
***Zafikeliny :*** Thierry sy Maëlle, Bakoly sy Lalaina, Christelle, Christina, Mathias, Stéphany, Lucas, Sébastien, Isabelle, Nathalie, Elodie, Dominique, Valérie, Adrien.
***Zafiafiny :*** Nina, Timéo
***Iraitampo aminy :*** Terak'i Tompokolahy RALITERA Joseph sy Tompokovavy RAVONIMANANA sy Tompokovavy RAVAOARISOA Marthe ary RAJAIMANANA Esther
***Iraitampo amin'ny vadiny :*** RAKOTOMALALA Mathias (Totor)
RAKOTOMALALA Robert sy Marie Paule mianakavy (France)
Mme veuve RAMAROSAONA Ginette sy ny zanaka aman-jafiny
***Ny havan-tsy mahafoy :*** RASOLOARIJAO André sy Jeanine RALITERA
***Ny fianakaviana :*** Terak'i Tompokolahy RASATA sy Tompokovavy RANJAVELO
Terak'i Tompkolahy RAKOTO Raphael sy Tompokovavy RAZANAMALALA
Taranak'i Tompokovavy FELICIE
Ny terak'Andriatompokoindrindra
Ny teraka Ambohitraina Ankadinandriana
Ny teraka Ambohidrano Atsinanana
Ny teraka Ambohinaorina Ambohitrandriamanitra
Ny teraka Alarobia Amboniloha
Ny teraka Andramasina
Ny Maintimolaly Sekoly Vinet Ambohimalaza
***Ny Fiangonana :*** EKAR Antanitsara Ambohimalaza, EKAR Mahamasina
FJKM Ambohitraina
***Ny fokontany :*** Mahamasina Est, Ambohitrandriana Ambohimalaza
Ireo olona miara-miasa taminy ao amin'ny Fiadidian'ny Repoblika sy Grande Chancellerie Malagasy

Ny masina dia entina hiala ao an-tranony **lot III C 45 Mahamasina Est ny Asabotsy 04/11/2017 amin'ny 08 ora maraina** ka ivantana ao **Ambohitrandriana Ambohimalaza.** Ho entina hanomezam-boninahitra an'Andriamanitra ny **alahady 05/11/2017 amin'ny 1 ora tolak'andro** ao amin'ny **EKAR Antanatsara Ambohimalaza** alohan'ny hanafenana azy ao amin'ny fasampianakaviana eny **Ambohimalaza.**

**Voninahitra anie ho an'Andriamanitra Andriananahary omaly, anio, rahampitso ary mandrakizay.**

**Tsy misy voninkazo, tsy misy fiaretan-tory**



**Lehiben ' ny mariboninahi - pirenena**

**Nindaosin ' ny fahafatesana koa Ralitera Etienne**

Vaovao mampalahelo hafa koa eo amin' ny fiainam - pirenena. Nodimandry, omaly, ny Lehiben' ny mariboninahi - pirenena, Ralitera Etienne. Anisan' ireo zokibe nohajain' ny rehetra eo amin' ny fianaka - viamben' ny mariboninahi - pirenena ny lehilahy. Raha ny taona rahateo, izy no zokiny indrindra, araka ny fahafantarana azy.

Niantsoroka io andraikitra io ny tenany nandritra ny niverenan' ny Amiraly Ratsiraka Didier teo amin' ny Fitondrana. Nanohy izany andraikitra izany izy nandritra ny ampahany tamin' ny Fitondran' ny Filoha Ravalomanana Marc. Nailika tampoka anefa izy taorian' izay ary nosoloina ny sekretera jeneraly teo aloha tao amin' ny Fiadidiana ny Repoblika, Rakotoamboa Noël izay efa nodimandry koa.

Naverina tamin' ny andraikitra notanany nitantana ny Fiadidiana ny mariboninahi - pirenena indray ny tenany nanomboka ny taona 2009, nisian' ny Tetezamita ary tsy niala tao hatramin' izao nahalasanany izao. Nampiavaka an' i Dadabe Ralitera Etienne, araka ny fiantsoan' ny maro azy ny fizarana fahalalana momba ny mariboninahitra sy ny fombafomba fanao rehefa misy lanonana. Tarazo amin' ny maha mpianatry ny Frera Lasaliana azy izany, izay tsy mitana ho azy irery ny fahalalana ananany. Izahay eto amin' ny Inona no Vaovao dia mirary fiononana ho an' ny fianakaviany.

R.S.

## NY MOMBAMOMBA NY GRAND CHANCELIER AZY ETO